Figure 1: Mpizaika nandritry ny dingana faha 4

FIZAHAN-TAKILA

FIZAHAN-TAKILA 2
FANOLORANA 3
TANTARA 4
FIZOTRY NY ATRIKASA 4
FAHATRARANA NY TANJONA 9
IREO FANAMBY 9

TOVANA

TOVANA A: FANDRAHARAM-POTOANA 10
TOVANA B: FANAMARINAM-PAHATONGAVANA 12
TOVANA D: TOMBANA 14

FANOLORANA

Ity tatitra ity dia entina hamintinana ireo hevi-dehibe nisongadina nandritra ny atrikasa izay notontosaina teto amin'ny kaominina An-drenivohitra MORONDAVA ny 10, 11 ary 12 Oktobra 2012, tao amin'ny efitrano fivoriana L'EMERAUDE.

Atrikasa izay natrehan'ireo tompon'andraikitra eo amin'ny kaominina sy ny Fokontany, ireo mpiandraikitra isan-karazany eo amin'ny sehatry ny fampianarana, ny fahasalamana , ny mpandaraharaha ,ny mpanao gazety ary ireo avy amin'ny fikambanana vitsivitsy.

Ny tanjona nandritra ny atrikasa dia ny hampahafantatra bebe kokoa ny hevitra ijoroan'ny miralenta sy ny fampifandraisana izany eo amin'ny fampandrosoana ny kaominina. Lohahevitra maromaro no nodinihana nandritra ny telo andro, anisan'izany ny:

-Hevitra fototra iompanan'ny miralenta, izay nahitana ny fanavahana ny miralenta sy ireo toetra voajanahary eo amin'ny maha lahy sy ny maha vavy ary ny famaritana ny atao hoe fiheverana raiki-tampisaka.

-Miralenta sy fitondram-panjakana, izay nampisongadinana ireo sakana mahatonga ny vehivavy tsy hiditra eo amin'ny andrim-panjakana ,ny rafitra misakana ny fandraisany anjara ka tsy ahitana fanovana.

-Hevitra sy tetika hahatongavana amin'ny miralenta, izay ahitana ny famaritana ny atao hoe filàna fototra andavan'andro ho fampiharana ny miralenta mitondra mankany amin'ny filàna maharitra mila paik'ady.

-Ireo toetra tokony hananan'ny mpitarika sy mpitantana mahomby, nentina hampafantarana ireo toetra andrasan'ny fiaraha-monina amin'ny mpitarika sy mpitantana mba hisian'ny fanovana marina.

- Ny miralenta sy ny fiharian-karena ary ny tetibola mifanaraka amin'ny miralenta.
- Ireo herisetra mihatra amin'ny vehivavy.
- Ny fiovaovan'ny toetr'andro.

Maro ireo olona tonga namaly ny antso nandritra ity atrikasa ity ary tsikaritra fa saika hita tao avokoa ireo solon-tena avy amin'ny sehatra rehetra (Tovana B: Lisitry ny mpandray anjara)

Araky ny hevitry ny maro dia nanampy betsaka tamin'ny fahazoana ny miralenta ny atrikasa izay natao. Porofon'izany ny valin'ny tombana izay nofintinina ao amin'ny Tovana D

TANTARA

Tamin'ny taona 2003 no nanaovan'ny GENDER LINKS fanadihadiana feno momba ny fiantraikan'ny fandraisan'ny vehivavy anjara amin'ny politika tao amin'ny FAA (Fifanarahan'ny Faritra Atsomon'i Afrika). Anisan'ny zava-dehibe tsapa tao amin'ny "Ringing up the Changes, Gender in Politics in Southern Africa" na "Famohazana amin'ny torimaso ka hirosoana amin'ny fanovana sy amin'ny Miralenta eo amin'ny sehatra politika ao amin'ny faritra FAA" fa ny fitondrana ifotony dia sehatra iray izay mampalahelo fa nohamaivanina tao amin'ireo lahateny aman-tsoratra mikasika ny Miralenta sy ny fitondrana ifotony. Vokatr'izany, nanao fikarohana mamaky lay ny GENDER LINKS tamin'ny taona 2006/2007 tao amin'ny Coalface: Gender and local government, (sur le terrain: Genre et collectivité locale na eny an-tsehatra: Miralenta sy Fitondrana ifotony) tany Afrika, Lesotho, Maurice ary Namibie.

Hita tamin'io fanadihadiana io fa vitsy ny fampiharana natao mba hametrahana ny foto-kevitry ny Miralenta amin'ny drafitra fampandrosoana rehetra eo anivon'ny fitondrana. Vitsy koa ny fanamafisana ny fahaiza-manaon'ireo mpanolo-tsain'ny Kaominina hahay hitarika asa. Nanomboka tamin'izay dia nitarina tamin'ny firenena sivy hafa ny fanadihadiana. Eo amin'ny fomba fiasa indray: raha vao vita ny tatitra an-tsoratra momba ny fikarohana natao dia nanao fampiofanana momba ny fampahafantarana sy ny paika any amin'ireo firenena tsirairay avy ireo miaraka amin'ireo mpiombona antoka sy ny mpiara-miasa fototra ny GENDER LINKS.

Ny tsara indrindra aza dia miaraka amin'ireo fikambanana miankina amin'y Fanjakana ifotony ao amin'io firenena io no hanoritana ny lalana hanatanterahana ny paika sy hanaovana ny atrikasa momba ny drafitrasa hiadiana amin'ny Herisetra sy hametrahana ny Miralenta ao amin'ny Kaominina. Izany dia natao mba hanamarinana fa manana drafitrasa momba ny Miralenta daholo ny Kaominina rehetra. Tamin'ny volana Marsa 2010 dia nanao ny Fivoriana an-tampony voalohany momba ny fampanjakana ny rariny eo amin'ny Miralenta sy ny fitondrana ifotony ary ny fanambiny ny GENDER LINKS mba hanangonana ny porofon'ireo fanapahan-kevitra arahina asa noraisin'ny fitondram-panjakana sy ny olon-tsotra hampitoboana ny fahefana ananan'ny vehivavy sy hampitsaharana ny Herisetra.

Fizotry ny Atrikasa

- Fanazavana ireo fifanarahana iraisam-pirenena natao teto amin'ny firenena vita Sonia momba ny miralenta sy ny fampandrosoana:

<u>Eo amin'ny iraisam-pirenena</u>:

- Conference de Bejing na Beijing 1995
- DUDH: Déclaration Universelle de droit Humain
- OMD : Objectif du Millenium pour le Développement
- CEDAW/ FIFEV

<u>Rejionaly na Faritra</u>:

-Protocole SADC: miralenta sy fampandrosoana

<u>Nasionaly</u>:

- Lalam-panorenana
- MAP : Madagascar Action Plan

- PNPF : Politique Nationale de la Protection Féminine
- PANAGED
- **Hevitra fototra iompanan'ny Miralenta:**
    - ***Fiavahan'ny lahy sy ny vavy noho ny toetra voajanahary sa fiavahana noho ny anjara asa aman'adidy novolen'ny fiarahamonina***

- Rehefa natao ny fijerena ny fahazoan'ny mpizaika ny atao hoe: "Genre et Sexe" tamin'ny alalan'ny fizarana cartonnette efa misy karazana toetra sy anjara asa ary nasaina nosokajina araka izay fahazoan'ny mpizaika azy. Rehefa vita izany dia hita fa mbola mipetraka aty amin'ny faritra ny fihevarana raikitam-pisaka novelen'ny fiarahamonina satria, mbola misy ny olona misokajy ny vehivavy hoe mpikarakara tokan-trano sy mpitsena mpianatra ary mpikarakara zaza ary ao ihany koa ny filazana fa ny lehilahy ihany no tokony hiandry omby.
- Rehefa vita izany dia niarananaiky ny mpizaika fa ny toetra voajanahary ihany no mampiavaka ny lahy sy ny vavy ,fa ny sisa dia novolen'ny fiarahamonina.
    - ***Fiheverana raiki-tapisaka:***

Rehefa nanao asa isam-baomiera ny mpizaika dia namoaka ireo antony mahatonga ny fiheverana raiki-tampisaka aty amin'ny faritra ka isan'izany ny:

Ohabolana

- "Raha mipetraka ny Vehivavy, endriky ny trano, raha mandeha endriky ny lalana."
- " Rafotsibe very laona, miandry izay higadonany."
- **"** Misaobady tanora, manome zara ho an'ny sasany."
- " Ny vady jerijery."
- "Vady tsy tiana ka ihanteherana."

Hira:

- Hiran'ny Besa sy Lola : " Hafa ihany i Mama" izany hoe ny lehilahy ihany no mampidi-bola sy andrin'ny tokatrano
- Hiran'ny Lola : " Ny vehivavy fanaja." Milaza fa fanaka malemy ny vehivavy.

Fomba fanao, kolo-tsaina ary ny fivavahana

- Ny zoky lahy no mandidy amin'ny fianakaviana izany hoe: raha misy misalovana andraikitra dia mahafaty ny zokiny.

- Raha ny zandry no misy mangataka voalohany dia tsy avela manambady fa tsy maintsy miandry ny zokiny sao dia very zara.
- Betsaka ny vehivavy tsy lasa lavitra amin'ny fianarana satria raha misy maka vady tonga dia lasa fa ny lehilahy ihany no mazana lasa lavitra amin'ny fianarana.

Fehin'izany rehetra izany, raha ny aty amin'ny faritra no jerena dia ny lehilahy no tena indraindraina fa lasa ohatra ny fanaka antrano ny vehivavy.

- **MIRALENTA SY NY FITONDRAM-PANJAKANA**

Ny votoatin'ny hevitr'I Mtintso no nitarihana ny sain'ny mpijaika ary isan'ny tena olana be indrindra ny FAHAZOA MIDITRA: Ireto avy ny olana mahatonga ny vehivavy tsy afaka miditra hita teto:

- Fatahorana
- Fombandrazana
- Toe-tsaina
- Tsy fankasitranan'ny hafa indrindra ny vadiny sy ny fianakaviana
- Tsy fihenoan'ny hafa
- Tsy fahampian'ny enti-manana
- Farim-pahaizana
- Tsy fahatokisan-tena
- Fahabetsahan'ny andrikitra eo anivon'ny tokatrano
- Fahambetsahan'ny mpifidy tsy resy lahatra hifidy vehivavy
- Olana eo amin'ny antoko
- Fahasamihafan'ny toerana nihaviana
- Fitsikerana ny fiainana manokana (oh fanambadiana)

Rehefa hita ny olana dia ny mpizaika ihany no nanolotra vahaolana , ka ireto avy izany :

- Fanentanana momba ny miralenta eny ifotony
- Fanentanana ny mpifidy mba hifidy vehivavy
- Fanentanana ny antoko mba handatsaka vehivavy
- Fanentanana ny vehivavy te hilatsaka mba hiditra anatin'ny antoko
- Fahatokisan-tena amin'izay fahaizana kely ananana
- Fanofana momba ny fahaiza-mitarika ny vehivavy

FANDRAISANA ANJARA : Ohatra mivaingana ny fivorian'ny mpanolotsaina efa nisy teto amin'ny kaominina Morondava; Nanana mpanolotsaina vehivavy iray tamin'ireo iray ambin'ny folo voafidy ny kaominina fa ny olana dia nitsoaka andaharana izy. Izany hoe, efa tafiditra fa tsy mandray anjara. Antony nahatonga izany tsy fandraisana anjara izany

ny maha vehivavy tokana azy tao amin’ny mpanolotsaina satria raha misy tsangan-tanana dia tsy maintsy ny hevi-dehilahy ihany no lany.

FANOVANA:

Nanaovana fijoroana vavolom-belona ny tantaran' ny fomba niainan'I AMINA ,nanomboka nidirany ho Ben'ny Tanana sy ny fandraisany anjara ,mipaka amin'ny fanovana nentiny

- **FANDRAVONANA DISADISA:**

Fampahafantarana ny kaominana fa manana adidy amin’ny fandravonana ny disadisa ny mpanolotsaina no nitondrany ny fanazavana ny fandravonana disadisa. Ohatra noraisina tamin’izany ny famoahanana didim-pitodrana ho fanafoanana ny fivarotana amoron-dalana nefa io no tena asa fiveloman’ny vehivavy eto an-toerana.

Rehefa natao ny fanaovana ho toy ny zava-misy marina io tranga io dia izao no navoakan’ny mpijaika:

- Fanantoana ONG iray hitarainanan’ireo vehivavy very asa
- Fandraisan’andraikitry ny ONG amin’ny fitadiavana marimaritra iraisana
- Fifampisehoan’ny andaniny sy ny ankilany
- Fampahalalan’ny ONG ny antony manokana nahatonga ny kaominana nanapaka io hevitra io.
- Fampifanantonan’ny kaominina sy ireo vehivavy mitaky ny zony
- Fanaovana sonia ny fifanarahana

Nomarihan’ny mpizaika fa ny mpanelanelana dia tokony hanana toetra tsy mitanila, tsy tia kolikoly, manana finiavana, mahay mihaino, mijery ny tombontsoa iombonana.

- **HEVITRA SY TETIKA HAHATONGAVANA AMIN’NY MIRALENTA**

Fanontaniana momba ny antso vonjy izay nataon’ny vehivavy iray manao asa an-tselika, Niara -nanaiky ny rehetra fa ny fanomezana vola no vahaolona eo noho eo. Mitondra vahaolana maharitra kosa dia manome fiofanana izay ahafahana manangana orin’asa madinika, arahin’ny fanorohana hevitra azy amin’izay toerana mety hindramana vola mba ahafahany mindram-bola entina miasa.

Nofaranana tamin’ny famaritana ny atao hoe: “ Filana fototra andavanandro sy filana maharitra mila paikady.”

NY MIRALENTA SY NY FIHARIANKARENA

Fampiasana mikasika ireo andraikitra sahanin'ny vehivavy mikarakara tokatrano;Rehefa natao ny fanadihadiana ny tolotrasa dia resy lahatra ny mpizaika fa mavesatra tokoa ny asa sahanin'ireo vehivavy ireo,satria tsy misy tombotsoa azony na dia manana fahaiza-manao aza izy sady ambanimbanian'ny fiarahamonina tsy misy antony;

Noho izany dia tokony hisy fanohanana ireo vehivavy indrindra ny tantsaha, mba hahafahany manao asa mampidi-bola an-tokatrano ,ka hisondotra ny fari-piainany no sady mitondra fiovana;

NY MIRALENTA SY NY FAMPANDROSOANA NY TOEKARENA IFOTONY

Raha jerena ny asa foto-piveloman'ny mponina ato amin'ny faritra Menabe dia ny Varotra sy fambolena ;

Hita fa ny tsy fahampian'ny enti-manana toy ny vola ampiasaina,toerana ivarotana,mpanjifa no sakana tamin'ny varotra; fa ny tsy fahampian'ny rano,tany,firongotran'ny biby mpanimba voly,rivodoza ary todra-drano kosa no sakana amin'ny fambolena;

Ny azo ataon'ny Kaominina amin'izany dia ny mifampiraharaha amin'ireo mpampindram-bola,sy fanokafana ny tsena isam-pokontany mba hampiroborobo ny varotra ary ny fananganana ny rafitra miaro ny tontolo iainana;

NY TETIBOLA HIROSOANA AMIN'NY MIRALENTA

Nodinihina miaraka ny fitsinjarana ny tetibolan'ny Kaominina Manjakandriana ka hita taratra tamin'izany ny firafitrin'ny teti-bola miendrika miralenta satria afaka manome tombontsoa ny lahy sy ny vavy amin'ny fikarakarana ny fananantany ,ny fanamboarana ny lalana hamoahambokatra sns ,izay hahafahana mampitovy zo ny lahy sy ny vavy amin'ny fampiasana azy.

NY HERISETRA VBG

Fampafantarana ireo trangana herisetra efa niseho tamin'ireny ivo-toerana miahy sy mpandray ny herisetra; manarak'izany dia nosokajiana izy ireny.

Vonona hiatrika ny ady amin'ny herisetra ny Kaominina sady handray anjara amin 'ny hetsika ny 16 andro iadiana amin'ny herisetra;

NY FIOVAOVAN'NY TOETR'ANDRO SY NY FAMPANDROSANA MAHARITRA

Tsapan'ny mpizaika rehetra ny fisian'ny korontana toy ny tsy fampian'ny orana ahazoana rano manondraka voly sy sotroana ,fiakaran'ny hafanana miteraka aretina isan-karazany, ny rivo-doza sy ny tondra-drano izay manimba fananana kely hananana; hita fa io toe-javatra io dia vokatry ny tevy ala sy doro-tany izay manimba ny tontolo iainana.

Ny azon'ny kaominina hatao dia ny fanentanana ny mponina hamboly hazo ,indindra ireo mpanimba ala mba hahatsiaro ny ho avy ny taranaka afara,ka tokony soloany hampitomboiny foana ny hazo nokapainy;

Fahatrarana ny tanjona

Tratra ny tanjona satria efa afaka nanentana ny vahoaka, ny mikasika ny Miralenta ny mpizaika tamin’ny dingana faha 3

Ireo fanamby

Fampitana mitohy ny fahalalana azony tamin’ny fiofanana ,sy fanohizana hatramin’ny farany ireo dingana folo mba hahafahany mampandroso miaraka ny Kaominina

Tovana A: FANDRAHARAM-POTOANA
STAGE 1-2-4
Commune Urbaine de Morondava
PROGRAMME
10-12 Oktobra 2012

Ora	Fandaharana	Iza?
	10 Oktobra	
08:30-09:00	Fandraisana ireo mpijaika	
09:00-09:45	Fanokafana amin'ny fomba ofisialy : • Fanazavana ny tetik'asa « Ivotoerana mendrika. » sy fanazafana ny fiaraha-miasan'ny GL, FNUAP, PNUD • Lahateny • Fanaovan-tsonia ny fiaraha-miasan'ny GL sy kaominina • Fanokafana amin'ny fomba ofisialy ny atrik'asa	
	Pause café	
10:00-10:30	Famenoana ireo fanontanina : - GMDC Etudes des attitudes - Quiz	GL
10:30-12:30	Fanolorana : - Fanazavana sy filazana ireo fifanekena vita sonia iraisam-pirenena, anivon'ny ranomasim-be indianina, teto amin'ny firenena momba ny miralenta sy ny aty amin'ny herisetra Fanontanina /valiny	GL
	Sakafo	
14:00-14:30	Fanolorana : Hevitra fototra ihompanan'ny miralenta: - Genre et sexe	Tous
15:15-16:30	Asa isam-baomiera momba ny fiheverana raikin-tapisaka	
	Pause café	
16h 45 – 17 h	Fanintinana ataon'ny mpampiofana	
	11 Oktobra	
08:30-08:45	Famintinana andro 1	
08:45-09:15	Miralenta sy ny fitondram-panjakana Mamelabelarana : paik'ady (Miditra – Mandray anjara – Fanovana)	GL
09:15-10:00	Atrik'asa isam-baomiera (telo)	
	Pause-café	
10:15-11:00	Famintinana ny atrik'asa isambaomiera telo	Tous
11:00-11:30	Fintina	Tous
11:30-12:30	Miralenta sy ny fandravonana disadisa Famintinana ataon'ny mpampiofana	Tous

Ora	Fandaharana	Iza?
Sakafo		
14:00-14 :30	Filana fototra sy filana maharitra mila paik'ady	Tous
14:30-15:30	Fiaraihana ara-toe-karena : - Miralenta sy ny toe-karena - Teti-bola	Tous
15:30-16:30	Herisentra (VBG)	
Pause café		
16h 45 – 17h	Famintinana ataon'ny mpampiofana	
12 Octobre		
08:30-10h	Herisenta (VBG)	
08:45-10:00	Herisenta (VBG)	Tous
	Pause-café	
10h 15- 12h 15	Fiovaovan'ny toe-trandro Fanazavana ny dingana manaraka	
12h 15 – 12h 30	Tombana	
	Sakafo	
14h – 16h 30	Fidinana eny ifotony ho fahampahafantarana ny finanarahan'ny FAA	
16h 30- 17 h	**Fanalana hetaheta**	

Tovana B: FANAMARINAM-PAHATONGAVANA
Fandaharana: Stage 4
Firenena: MADAGASCAR
Toerana : Morondava
Daty: 10-12 Octobre 2012
Salle : Émeraudes

FANAMARINAM-PAHATONGAVANA

N°	Nom et Prénom	SEXE	Kominina	Andraikitra	TEL	E mail
1	RAHANTAMALALA Beatrice Hortense	V	Morondava	Chef de Cabinet faritra	032 50 580 41	
2	RANDRIAMAHEFAMANANA Hibert Gaston	L	Morondava	Chef Fokontany	033 20 518 80	
3	RAKOTOMALALA Irma	V	Morondava	2ème Filoha Lefitry ny Delegationa Manokana ny Kaominina	032 40 922 12	rakotomalalairma@yahoo.fr
4	MAMIARISOA Lalao	V	Morondava	Filoan'ny Fikambanana SOAMIRAY	034 37 476 10	
5	RAZAFINDRAHETY Suza (Chamsia)	V	Morondava	Mpanao Gazety	032 42 818 09	
6						
7	NOMENIANJARASOA Simonette Patricia	V	Morondava	Mpanao Gazety	032 50 904 48	
8	RAVAOHARISOA Helene	V	Morondava	Olon-tsotra	032 40 171 72	
9	RAMBELOSON Clarisse	V	Morondava	Mpitantsoratra Fikambanana Ampela Mahatseriky	032 46 586 13	
10	BINTY Maolidy	V	Morondava	Mpikambana Fikambanana Ampela Mahatseriky	032 75 941 21	
11	ZAREMA MYRNI	V	Morondava	Lefitry Sefo Fokontany Tanambao	032 52 605 35	
12	RAZAFINDRAVAO Lovasoa Henriette	V	Morondava	Sefo Fokontany	032 50 907 34	

13	ROSALIE Villa	V	Morondava	Mpitantsoratra	032 44 767 65	
14	SYLVERE Irene Isabelle	V	Morondava	Encadreur FOP	032 73 510 52	
15	RAHELISON Razafindravala Eliza Rose Emma	V	Morondava	Filoan'ny Fikambanana	032 04 496 98	Andrenimenabe56@yahoo.fr
16	RANDRIAMAMPIANDRA David Zefania	L	Morondava	Consultant ONG « VAVIA »	033 20 518 67	
17	RASIDY Ali	L	Morondava	Andrimasom-pokonolona	034 41 038 33	
18	Wilson Emile	L	Morondava	Sefo Fokontany Tanambao	032 04 095 50	
19	MANASE Behompy Jean Pierre	L	Morondava	Zandary	032 59 544 58	
20	AMIKO Philberte	V	Morondava	Mpanao Gazety Radio Mangeva	032 40 999 39	aphiliberte@yahoo.fr
21	HORTANSIA Ndaka Bora	V	Morondava	Vokovoko Mena	032 41 130 82	
22	DENISE Claude	V	Morondava	Filohan'ny Vokovoko Mena		
23	SAHOLY Franceline	V	Morondava	Distriky Morondava		
24	NATHALIE Saïda	V	Morondava	Fikambanan'ny Vehivavy Silamo	032 02 112 03	
25	Roziline Rasolofo	V	Morondava	Talen-tsekoly	032 40 080 93	

Tahan'isa lahy sy vavy:

VAVY	18	72%
LAHY	07	28%
TOTALINY	**25**	**100 %**

Tovana D: TOMBANA

Lahy/Vavy	Lahy 6 Vavy 19					
Firenena	Madagasikara					
Kaominina	MORONDAVA					
Taona	12 - 17	18 -30 1	31- 40 7	41 – 50 13	51 – 60 2	60 + 2
Fianarana	Ambaratonga voalohany	Ambaratonga faharoa 16	Oniversite 7	Fanofanana ara-kasa 2	Fampianarana olon-dehibe	

Tombana:

	Naoty /10
1. Firafitry ny fandaharana amin'ny ankapobeny	8,8
2. Ny votoatin'ny fandaharana	8,6
3. Tahirin-kevitra nampiasaina	8,7
4. Fampitan'ny tompon'andraikitra ny fiofanana	9,3
5. Asa isam-baomiera (travail de groupe)	8,6
6. Vokatra azo	8,8
7. Fanajana ny fandaharam-potoana	8,4
8. Fahalalana azon'ny mpiofana	8,9
9. Tombontsoa eo amin'ny fivelarana	8,5
10. Fandaminana ankapobeny (sakafo, toerana, sns)	7,8

Fanamarihana

Inona tamin'ny fandaharana no tena nahaliana anao? Antony?

- Hevitra fototra iompanan'ny Miralenta ;mba hanampiana ny Vavy amin'ny asa fanao an-davan'andro satria misy lesona azo tsoahina tsara ;
- Herisetra satria tsy tokony hatao ny manao izany amin'ny vehivavy
- Fiovaovan'ny toetr'andro sy ny Fampandrosoana maharitra satria nahazoako fahalalana be entiko anivon'nympiara-belona ;
- Fandravonana disadisa satria zava-misy marina no nivoaka teo;
- Tena mahaliana fandaharana rehetra fa matotry ny mpampiofana;

Inona tamin'ny fandaharana no tsy nilaina? Antony?

- Nilaina daholo izy rehetra

Ahoana ny fomba ampiharanao ireo fahalalana azonao teto amin'ny fiofanana?

- Fandraisana anjara ny lahy amin'ny asa an-davan'andro ;
- Ampihariko an-tokatrano
- Eo anivon'ny fianakaviako sy ny manodidina aloha ,mba hafantarako ny mety izay vao ampitaiko amin'ny hafa
- Manentana ny fikambanana misy ahy,ny namako ,sy izay olona mety hizarana fiofananana ,mba hampafantarana ny zava-misy ny tsirairay;
- Mila manao pratique mba entina hizarana ny traik'efa azo mba tsy hadino;

- Fampianarana tsikelikely amin' ny vady aman-janaka ao an-tokatrano sy ny mpiara-monina;
- Fampiharana eny ifotony no ataoko,ka ilaiko ny sarisary ireny mba ho an'ireo tsy mamaky taratasy;
- Manao tatitra sy mandresy lahatra ny vadiko amin'ny herisetra mianjady aminay vehivavy;
- Resahina amin'ny mpiara-miasa sy ny mpiara-belona;

Fanamarihana hafa ?

- Tokony hisy lamin'asa hapetrakin'ny Fanjakana mikasisika ny fandripahana hazo ka tokony hasaina manolo hazo notapahiny ireo mpanapaka hazo fa ny Tompon'andraikitra ny ala no mamatsy zanakazo ;
- Tokony matetika ny fiofanana ;
- Tsara mitohy ny fiofanana ka tokony hatao hampitomboana ny isan'ny lehilahy amin'ny manaraka ,satria saika izy ireo no fototra amin'ny tsy fanajana ny miralenta;
- Tokony antsoina ireo zokiolona hiatrika fiofanana,mba ho resy lahatra ;
- Tsy ampy ny fotoana efatr'andro;
- Ny toerana amoron-dalana ,be tabataba ,rano tao WC tsy ampy ary ny Sakafo mangatsiaka;
- Misaotra ny mpampiofana sy ny mpikarakara ny Miralenta fa nahazo lesona hampiharina amin'ny hafa ny mpiofana sady afa- po;
- Mirary ny hisiany fiofanana manerana ny faritra 22;